



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitiavana - Tahindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-62

**FAMETRAHANA FANONTANIANA NATAON'NY SOLOMBAVAMBAHOAKA  
SY VALINY AVY AMIN'NY GOVERNEMANTA**

Fivoriana faha-8  
Natao ny  
Talata 26 Mey 2020  
- Maraina -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa ANGELE Solange  
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**FOTOANA:** Talata 26 Mey 2020, tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fametrahana fanontaniana nataon'ny Solombavambahoaka sy valiny avy amin'ny Governemanta.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana, izay miompana amin'ny fametrahan'ny Solombavambahoaka fanontaniana sy valiny avy amin'ny mambran'ny Governemanta.

Rehefa avy niarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mambran'ny Governemanta ary ny Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha dia nanambara ny fitohizan'ny fivoriana.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra izy hanao ny fiantsoana anarana, ka Ramatoa ANGELE Solange no nanatanteraka izany.

Rehefa izany, mbola niangavy azy hatrany, Ramatoa Filoha, hamaky ny andininy faha-102, andalana faharoa, ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-169, andalana voalohany, ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena manondro ny fisian'izao fihaonana izao; ka toy izao no fivakin'izany:

Andininy faha-102, andalana faharoa, ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Fivoriana iray isaky ny dimy ambin'ny folo andro farafahakeliny, ka anatin'izany ny fivoriana atao mandritra ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalazan'ny andininy faha-76 dia atokana ho an'ny fanontanian'ireo mpikambana ao amin'ny Antenimiera sy ireo valiny avy amin'ny Governemanta.

Andininy faha-169, andalana voalohany, ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena:

Araka ny andininy faha-102, andalana faha-2 ao amin'ny Lalàmpanorenana, fivoriana iray isaky ny dimy ambin'ny folo andro farafahakeliny, ka anatin'izany ny fivoriana atao mandritra ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana, no atokana ho an'ny fanontanian'ireo Solombavambahoaka sy ny valiny avy amin'ny Governemanta. Izany fivoriana izany dia alefa mivantana amin'ny haino amanjerim-panjakana.

Nambaran-dRamatoa Filoha taorian'izay, fa ho fanatanterahana izany andinin-dalàna izany no anton'izao fihaonana izao.

Toy izao no fandaminana amin'ny fizotry ny fivoriana taorian'ny nilazany izany: omena fitenenana dimy minitra, Andriamatoa Praiminisitra, hanaovany teny fampidirana. Telo minitra ihany koa ny faharetan'ny fandraisam-pitenenana ho an'ny Solombavambahoaka.

Mamaly ny Minisitra, avy eo, ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera ary mamarana, Andriamatoa Praiminisitra.

Nanao satroka ireto Solombavambahoaka ireto ka nomena fitenenana:

Nilaza Andriamatoa SATRA Augustin, fa tokony hanao fampahafantarana ireo olona miaraka aminy aloha ny Minisitra vao miroso amin'ny fanontaniana.

Nanambara Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, fa mbola hisy fotoana hanaovan'ny Governemanta tatitra, koa aleo atao 5 minitra ny fandraisana fitenenana.

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène kosa nilaza, fa aleo mifanatrika ny Solombavambahoaka sy ny mambran'ny Governemanta raha mety.

Aleo alefa mivantana amin'ny fahitalavitra izao fihaonana izao, araka ny voalazan'ny lalàna, hoy Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco, mba hahalalan'ny olona ny zava-misy.

Nanamarika, Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien, fa handray fitenenana izy amin'ny maha Solombavambahoaka sy amin'ny maha Filohan'ny Vaomiera misahana ny zon'ny Parlemantera azy.

Namaly Ramatoa Filoha, fa tsy tafiditra amin'izao fihaonana izao izay voalaza farany izay.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny faharetan'ny fandraisam-pitenenana ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 10 no nilaza fa hatao 3 minitra izany. Solombavambahoaka miisa 63 no nanaiky fa hatao 5 minitra ny fe-potoana itenenana; Tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa dimy minitra ny fandraisam-pitenenana ary alefa mivantana amin'ny TVM sy RNM koa ny fihaonana, araka ny voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Natao koa ny tsangan-tànana amin'ny hifanatrehan'ny roa tonta. Solombavambahoaka miisa 70 no nanaiky, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Rehefa izany, niato tamin'ny 11 ora, atoandro, ny fivoriana noho ny fandaminana.

Nitohy tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro, indray ny fivoriana, ka Andriamatoa Paiminisitra Lehiben'ny Governemanta, NTSAY Christian no nomena fitenenana voalohany, ka toy izao izany.

Fisaorana an'Andriamanitra no nanombohan'Andriamatoa Praiminisitra ny fitenenana amin'izao fahafahan'ny roa tonta mihaona izao araka ny voalazan'ny Lalàmpanorenana ary nilaza izy, fa ampitiavana no ahatongavana manatanteraka izany araka ny soatoavina repoblikana.

Nitondra fialan-tsiny koa izy noho ny tsy fahatongavan'ny mambra sasany amin'izao fotoana izao, satria mamita iraka miaraka amin'ny Filohampirenena any amin'ny Faritra Atsinanana.

Vonona ny hamaly fanontaniana ny Governemanta, hoy hatrany izy.

Tsiahivina fa tamin'ny volana Desambra, taona 2019 no nihaonana farany, tamin'ny nitondrana ny "Loi de Finance Initiale" teto amin'ny Antenimierampirenena. Tao koa ny filazana ny hanombohana ny asa araka ny PGE na ny "Politique Générale de l'Etat".

Nomarihany, fa efa ho avy koa izao ny LFR na ny "Loi de Finance Rectificative", ka hodinihana eto amin'ny Antenimierampirenena koa izany.

Nohamafisiny koa fa tamin'ny 21 Martsa 2020 isika no niditra tao anatin'ny fahamehana ara-pahasalamana, tahaka ny firenena rehetra, satria nisy an'ity valan'aretina ity. Teo anatrehan'izay, tsy nisakana ny fandraisana andraikitra amin'ny fampandrosoana sy ny asa ho an'ny firenena na nisy aza ity "coronavirus" ity.

Niasa hatrany ny Filohampirenena ary niainga tamin'ny PGE tamin'ny alalan'ny IEM, na ny "Initiative pour l'Emergence de Madagascar". Niasa koa ny mpikambana rehetra ao amin'ny Governemanta ary fantatry ny Solombavambahoaka izany. Ohatra raisina amin'izany ny fanaovana ireo fotodrafitrasa samihafa.

Toa izay no teny fohy nentin'Andriamatoa Praiminisitra teo ampiandohana ary nankasitraka ny Solombavambahoaka izy tamin'ny fanamarihana na sosokevitra na tsikera izay mety hoentin'ireto farany.

Nisaotra ny rehetra tamin'ny fisian'ny fihaonana, Andriamatoa Praiminisitra.

Nisaotra azy tamin'izany koa, Ramatoa Filoha ary nanome satroka an'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré amin'ny tokony hanaovan'ny Minisitry fampahafantarana ny tenany.

Rehefa izany, notanterahan'ny Minisitry tsirairay ny fiangaviany.

Natao tsangan-tànana ihany koa ny handraisan'ny Solombavambahoaka mandeha andiany tsidimidimy avy fitenenana. Lanin'ny maro an'isa izany, ka izay no fomba narahina.

Marihana fa maro ny Solombavambahoaka naneho fisaorana ny Filohampirenena tamin'ny fandraisana andraikitra nataony, toy ny fanomezana fanampiana amin'ny tosika fameno sy ny vatsy tsinjo eo anatrehan'izao ady atao amin'ny "coronavirus" izao.

Teo ihany koa ny fankasitrahana ny fahitana ny CVO izay tambavy manampy amin'ny hery fiarovana ho an'ny vahoaka.

Tsy latsa-danja amin'izany ny fampirisihana ny Governemanta amin'ny asa fampandrosoana ataony, na eo aza ny fisian'ity valan'aretina ity.

Marihana fa natambatra ireo fangatahana sy fanamarihana nataon'ny Solombavambahoaka isaky ny Minisitry niantefan'izany ary nofintinina ihany koa ny fanontaniana napetrany.

Nisy tamin'izy ireo no nitondra fanankianana tamin'ny asa tanterahan'ny Governemanta amin'izao fotoana izao.

Teny anelanelan'ny fandraisam-pitenenana, nanao satroka mba hangataka hiteny 10 minitra ny Solombavambahoakan'Ampanihy, satria tsy eto an-toerana ny Solombavambahoaka iray izay avy ao Ampanihy ihany, ka nampitondra teny azy, raha azo atao.  
Neken'ny rehetra izany fangatahana nataony izany.

Nanao satroka koa Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth, fa maro ny Ray aman-dReny avy any Fianarantsoa no miantso azy tsy ankijanona, noho ny fisian'ny mpampianatra iray safotra efa ho efa andro izay, ka mangataka "évacuation sanitaire" maika ho azy, hiakatra eto Antananarivo raha azo atao.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka nifandimby nandray fitenenana nandritra ny fihaonan'ny roa tonta.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- RAZANABEARIMANANA Jacques Aurelien
- FAMINDRA Justin
- MOHAMAD Ahmad
- RAJAOBELINA Lova Herizo
- ANDRIANANDRASANA Norbert Marie Ignace
- ANDRIANO Giscard
- ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy
- RABENIRINA Maminiaina Solondraibe
- VOAHANGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette
- ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- RASOAMALALA Honorine
- ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel
- ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- RAKOTONDRAZAFY José Alain
- RAZAFINANDRASANA Raulan
- RAKOTOMALALA Dina Taratriniaina
- RAKOTOSON Hubert
- FERNAND Jeannot
- RASIDIMANANA
- RAKOTOMAMONJY Neypatraiky André
- RATSIRAKA Iarovana Roland
- RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime
- RANDRIANARISON Temis Togle
- RAMAROSOA Emiline
- RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth
- RASOLONJATOVO Honoré

Taorian'ny fandraisam-pitenenana teto dia nanambara, Ramatoa Filoha, fa tsara raha misy fiatoana kely aloha mba ahazoana misakafo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 73 no nanaiky, Solombavambahoaka miisa 6 no nitsipaka ary 3 no tsy nilaza ny heviny.

Niato tamin'ny 1 ora sy 55 minitra, atoandro, ny fivoriana.

Nitohy tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny fivoriana ary avy hatrany dia nanome fitenenana ny Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha.

Ireto indray ireo Solombavambahoaka nandray fitenenana tamin'izany, Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- RAKOTONDRASOA Fetra
- RAZAIHARIMALALAHarizaka Fiainantsoa
- PEPIN MICHOU
- BERNANDO Germain Berton Ndrianasy
- ASSIMO Bruno
- RAMAMONJISOA RAKOTONIRINA Jhon Whary
- ANGELE Solange
- ANDRIAMANATRIKARIVO Tiana James Pierrot
- RANDRIANARIVELO Justin Abel
- VONINAHITSY Jean Eugène
- RAFENOMANATSOA Tsirimaharo Ny Aina
- TSABOTOKAY Honoré
- RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine
- RATSIMANDRIONA Aida Hardy
- CHRISTOPHE Tsiliva Didiot
- RAKOTOMALALA Lucien
- RAHELIHANTA Jocelyne
- RASOLONIAINA Robert
- VELOMAHAZO Patrice
- RAHERIARJAONA Régina Clarisse
- RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera
- RABENARY Jean
- RAHARIMAMPIONONA
- ROILAHY
- RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth
- HENRI Jean Michel
- RAFIDIMANANTSOA Narson
- RAHANTANIRINA Lalao
- RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- RABEMANANTSOA Herilala Jeannot
- RIVOTIANA Richard Jean Bosco
- MICHELLE Bavy Angelica
- RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle
- MAMIHAJA Charlot
- RAHASIMANANA Pau Bert
- RABEKIJANA Solofo Hery
- RAMAHANDRISOA Edu Edmond
- ZAFINANDRO Perle Bien Aimée
- JEAN FRANCOIS Michel
- RAVELOSON Guillaume Narindrasana
- RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

Tamin'ny fandraisam-pitenenana nataon-dRamatoa Filoha dia Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Toliara no nitarika ny fivoriana.

Nitohy hatrany ny fanomezany fitenenana ny Solombavambahoaka, ka ireto avy indray izany, Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph
- RAVONTY Tam Teon Luc Urbain
- RAKOTONDRAVOAVY Andrianjafinakolona
- MBADE Jeannine Gabriel
- RAKOTONDRAVAO Georges
- DARKHAOUI Siritis
- MAMANGY Norbert
- EDZARD
- RANDRIAMISA NAINA Marie Nicolas David
- RAKOTORAHALAHY Modeste
- JOHASY RAHARISOA Eléonore
- RAKOTONIRINA Jimmy Joe
- RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsintota
- SATRA Augustin
- RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- MANOLOSOA Felix
- ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien
- RAMBOASALAMA Emilien
- RANDRIANATOAVINA Jean Martin
- RAZAKANDRAINY Henri Dominique
- TSIKIVY Adrien
- JEAN Daniel Dit Manjoso
- DBAOFENO Micheline
- RAZAFINDRAZALIA Yvonne
- NASIRA Julien
- FELICIEN Randrianantenaina
- RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène
- RAKOTOMANJATO Rodin Edmond Georges
- FIENENA Richard Désiré
- VELONTSARA Paul Bert

Taorian'izay niverina nitarika ny fivoriana indray, Ramatoa Filoha, ary nitohy hatrany ny fanomezana fitenenana ny Solombavambahoaka.

- RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle
- RASOLOMANANA Beby Olivier
- MBELO NDRIAMANAMPY Jean Germain Odon
- RAYMOND
- RATSIMBAZAFY Alain Jean
- RALAMBOZAFIMBOLOLONA RAZAFITSIMIALONA
- RATSIVAHINISOLO Andriniony
- FIAROVANA Lovanirina Celestin

-RALALASON Dera Harinjafimino  
 -RAHOLIJAONA Harson  
 -IDEALSON  
 -TOVONDRAÏ Retsanga Brillant De L'Or  
 -RICHARD Tsimahalefy Alexandrine  
 -ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina  
 -NICOLAS Stephan Alphonse  
 -MAMIZARA Yasmirah Loeticia

Toy izao ny famintinana, fanamarihana, sosokevitra ary ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka:

### **Ho an'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta**

Mampita ny teny fisaorana ho an'ny Filohampirenena amin'ny andraikitra goavana raisiny amin'izao valan'aretina misy eto amintsika izao. Misaotra anareo koa noho ny firaisankina asehon'ny Governemanta manoloana izany ady atao izany.

Mankasitraka ny Governemanta amin'ny ezaka amin'ny ady atao amin'ny valan'aretina "covid-19". Tohizo ny ezaka, fa manohana ny Solombavambahoaka.

Mandeha hatrany ny fanatanterahana ny asa momba ny "Promesse Présidentielle" mikasika ny fotodrafitrasa manarapenitra. Tohizo izany fa tena ilaina amin'ny fampandrosoana ny fiainan'ny vahoaka.

Mitsipaka ny filazana, fa tsy mahomby ny ezaka ataon'ny Governemanta amin'izao ady atao amin'ny "covid-19" izao satria mahatsapa izahay, fa tsy tahaka ny zava-misy any amin'ny firenena hafa no mitranga eto amintsika.

Mankasitraka ny fanambarana nataon'ny Fiombonamben'ny Eveka, na nisy aza hevitra saika tsy nitovizana teo aloha.

Misaotra tamin'ny fanampiana nataon'ny Governemanta, na misy aza ny tsy fahatomombanana momba izany, fa tsy mora ny manao zavatra. Vonona ny hifanome tànana aminareo izahay Solombavambahoaka amin'ny fiaraha-miasa tokony hatao.

Misaotra tamin'ny fampandraisana andraikitra an'ireo "Brigade Spéciale", tena manampy ny mpitsabo efa manao ny asany izy ireo ary afaka miasa avy hatrany.

Misy tokony hamboarina ny fomba fiasa, fa maro ny Faritra sy ny Distrika mitarina mikasika ny fanampiana tokony ho azony. Ohatra, ny fizarana ny CVO, ny tosika fameno, ny vatsy tsinjo, fanohanana ny olona marefo, toy ny be antitra. Tokony hojerena koa ireo olona mbola mandeha mifindra amin'ny Faritra hafa satria hampihanaka ny valan'aretina amin'ny Faritra tsy ahitana izany io fifindran-toerana io. Ohatra, tahaka ny ao Mandritsara, aleo akatona ny tsenan'omby satria misy olona avy any amin'ny Faritra Atsinanana tonga mividy omby any. Maro ny olona mandeha tongotra, mandeha any anaty ala any; mety hamindra an'io valan'aretina io izany, ka ahoana ny fomba hisorohana io fivezivezena io.



Misaotra tamin'ny fandraisana andraikitra toy ny fanaovana "opération", fa efa maro ny Distrika sy ny faritra mena milamina amin'izao fotoana izao.

Manao ahoana sy aiza ho aiza isika amin'ny fampiharana ny RSS na ny "Réforme du Secteur de Sécurité", satria misy toerana tena tsy milamina noho ny resaka halatra lavanila.

Misaotra amin'ny famaliana ny antso nataonay Solombavambahoaka amin'ny handefasana andian-tafika hampandry tany amin'ireo toerana mbola ahitana tsy fandriampahalemana satria manararaotra ny fisian'ity valan'aretina ity ny dahalo. Efa saika vonona avokoa ny toerana hitobian'izy ireo amin'ny fahatongavany.

Mankasitraka tamin'ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Governemanta tamin'ny fanamboarana ny RN44; tokony ho an'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy izany, fa isaorana etoana ny Praiminisitra sy ny Filohampirenena. Noho izany, iraisana ny fisaorana ny fitondrana mametraka ireo fotodrafitrasa toy ny fanaovan-dalana, ny hopitaly, ny fanomezana jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro.

Mampihatra ny PGE isika amin'izao, na eo aza ny ady amin'ity valan'aretina ity, maninona no tsy asiana "épisode II" ny PGE mba hahalalanay hoe tafiditra ny Distrika misy anay na tsia.

Maninona no tsy esorina ny Minisitra hita fa tsy mahomby amin'izao ady atao izao.

Mampiasa ny tetibola isika izao. Efa lany tamin'ny tetibola taona 2019 ny hanomezana "groupe électrogène" an'Ambatofinandrahana. Raha ny heno, toa navily nomena Distrika hafa izany. Manao ahoana ny fahazoanay an'izay amin'izao fotoana izao.

Manao fangatahana aminao ve sa amin'iza raha te-hamadika Fokontany lehibe iray mba ho lasa Kaominina.

Manao ahoana ny fangatahana Faritra, toy ny ao Vatovavy, fa toa tsy heno ny valiny. Sao tatitra diso no tonga any aminareo.

Manao ahoana ireo Faritra tsy mbola manana Governora satria tsy afaka mandray fanapahan-kevitra ny mpisolo toerana vonjy maika.

Maninona ny Distrika sasany no tsy ahitana fotodrafitrasa mihitsy. Tokony hitovy ny fampandrosoana atao amin'ny Distrika miisa 119 eto Madagasikara, fa ny etsy voajery, ny hafa tsy asiana maso akory.

Miakatra ny vokatra amin'izao fotoana izao. Sahirana anefa ny tantsaha sy ny mpanangombokatra. Maninona raha ferana ny vidin'entana farany ambany, ohatra ny vidim-bary satria misy vola azo ampiasaina ao amin'ny Cnaps sy ny "Caisse d'épargne", hanampiana ny mpandraharaha sy ny tantsaha.

Ohatrinona marina ny vola takiana amin'ny mpandraharaha amin'ny resaka hetra. Sahirana ihany koa ny mpivarotra madinika amin'ny fikarakarana taratasy. Tokony hamboarina ny fomba fiasa, mba hampidinana ny fahasahiranana efa misy.

Erantany no ahitana izao toe-javatra izao kanefa midera anareo amin'ny ady atao ny Solombavambahoaka, tsy tahaka ny any amin'ny firenen-dehibe ahitana fahafatesana maro. Noho izany, tohizo ny fihibohana fa ahitana fahombiazana ny fampiharana izany.

Maninona no tsy hazavaina amin'ny vahoaka ny fahazoana vola be fanampiana avy any ivelany. Henonay fa nahazo 444 Tapitrisa Dolara isika. Nisy 165 Tapitrisa Dolara avy tamin'ny FMI na ny "Fond Monétaire International". 100 Tapitrisa Dolara avy tamin'ny "Banque Mondiale". Nisy fifanarahana natao tamin'ny "Union Européenne", hahazoana vola "11,4 Millions d'Euros". Tao ny vola nomena ny BNGRC. Mila fanazavana amin'izany izahay raha azo atao.

Momba ny valan'aretina "covid-19", azon'ny Governemanta omena "bilan" ve ny vahoaka mba ahalalany ny zava-misy marina.

Handefa taratasy aminareo mpikambana ao amin'ny Governemanta aho, hoy ny Solombavambahoaka iray ka mba valio raha azo atao satria hanaovana tatitra ny valin'izany.

Misy tranga iray manokana itondrana fanamarihana sy fitarainana ity: misy foko atao hoe Anjoaty any Vohémar. Somary mitokana izy ireo. Misy olona mivarotra ny tanin'izy ireo amin'ny Sinoa ka mampandre ny fisian'izany zavatra mampalahelo izany.

**Ho an'Andriamatoa RAKOTONIRINA Léon Jean Richard, Minisitry ny Fiarovam-pirenena.**

Efa nandefa miaramila hiambina ny sisin-tanintsika amin'ny hisorohana ny fidiran'ny olona hafa eto amintsika ve ianareo satria ady amin'ny valan'aretina no atao. Sao ireo olona ireo no hanaparitaka izany eto amin'ny tanintsika ka hanahirana.

Mirongatra ny tsy fandriampahalemana; vonjeo ny vahoaka satria sady efa tsy afaka miasa noho ny zava-misy amin'izao fotoana izao, kanefa mbola tafihana amin'ny fananany ihany koa. Aiza ho aiza ny fametrahana ireo toby miaramila nolazainareo, fa miandry ny vahoaka.

Ho anay any Amboasary Atsimo, nisy nanafatra fa hiditra ao antampon-tanàna mihitsy ny dahalo androany.

Any anaty ala ny olona no matory, koa andefaso miaramila sy angindimby hiadiana amin'ny asan-dahalo.

Raha azo atao, soloy koa ireo olona efa nipetraka ela tamin'ny toerana iray, fa izay no mahatonga ny kolikoly amin'ny asan-dahalo. Lasa lany vola ny tompon'omby amin'izany resaka kolikoly izany satria te-hamerina ny fananany.

Mila fanaraha-maso ireo fiara mivarotra vù satria tsy fantatra hoe hatao inona ireo rehefa lafo.

Mangataka ny hanomezana fitaovana, toy ny fiara, "moto", famerenana ny fampiasana ny angidimby, mba hiadiana amin'ny asan-dahalo ho an'ny toerana mila izany, fa mijaly ny vahoaka satria tsy mitovy tanjaka amin'ny dahalo. Ny miaramila koa tahaka izany, ny dahalo no manana fitaovam-piadiana sy maro an'isa noho izy ireo.

Noho izany, ampio ny isan'ny olonareo mandeha any amin'ireo toerana ireo. Ny zavatra tsapa kosa, mba efa nihena ny fanendahana fiara mpitatitra tamin'ny lalam-pirenena, ka isaorana izany.

Mangataka “Postes avancés” ho an'ireo toerana efa noresahana anareo koa izahay, mba hisian'ny fandriampahalemana sady ampiana ny isan'ny olona hiasa amin'izany.

Ahoana ny momba ireo dahalo te-hiverina eny anivon'ny fiaraha-monina, izay tsy hanao izany fomba ratsy izany intsony, fa milaza hoe hamboly. Azo jerena ve ny mikasika an'izay satria lasa milamina ny faritra mena taloha.

Fisaorana no atolotra tamin'ny fampandrian-tany nataonareo.

Inona no antony tsy anomezana “poste budgétaire” isan-taona ho anareo, mba hampilamina ny tany. Raha ny tsapanay, azo omena 1500 isan-taona ho amin'izany ianareo. Raiso ireo olona nahavita fanompoam-pirenena tsy nahazo “renagement” ireo satria efa niofana tao aminareo izy ireo.

Mangataka ny hanaovana “opération” izahay satria mbola manjaka ny tsy fandriampahalemana any amin'ny toerana maro. Izany no tokony hanomezana “poste budgétaire” anareo isan-taona.

Izahay Distrika hadinonareo kosa manome aotra amin'ny isa roapolo (0/20) anareo satria hadinonareo ny fisianay. Tsy nisy zavatra vitanareo tany aminay na iray aza, kanefa ny vahoaka mila anareo. Noho izany, tsy hisaotra izahay. Ampitovio ny fampandrosoana isaky ny Distrika raha te-hahazo fisaorana avy aminay ianareo.

Misy ny toerana efa milamina saingy atahorana sao miverina ny tsy fandriampahalemana aminin'ireo “barrage sanitaire”. Koa azonareo atao ve ny manampy ny fitaovana ampiasaina amin'ireny, sady miaro ihany koa an'ireo mpitsabo amin'ireo toerana ireo ny fanaovana izany.

**Ho an'Andriamatoa ANDRIAMAHEFARIVO Johnny Richard, Ministry ny Fitsarana, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana**

Amin'izao fahamehana mitranga izao, mbola azo atao ve ny “expulsion massive” amin'ny tany iray. Ny olona efa mijaly, mbola ampiana an'izany indray.

Ahoana no tena fipetraky ny ady tany, fa izany no tena be indrindra raha ny fitsarana eto amintsika no jerena. Inona no fepetra tokony horaisinareo.

Mikasika ny fonja: voafonja tokony ho valopolo no antonona amin'ny fonja iray, kanefa miakatra 400 any ho any izany. Tsy misy tetikasa hanamboarana fonja vaovao ve ao aminareo.

Efa mihatsara ny asan'ny fitsarana sasany eto amintsika, tsy ahitana kolikoly intsony. Mankasitraka izany izahay satria voatsinjo ny olona manan-draharaha eny amin'ny fitsarana.

Tokony hafindra toerana amin'izay ireo olona ela niasana tamin'ny toerana iray, hialana amin'ny kolikoly sady teny efa nataonareo taloha koa izany.

Misy anefa Distrika tsy mbola manana fitsarana, ka lasa mamonjy Distrika hafa amin'ny fiatrehana izany. Lany vola ny olona eo anatrehan'izay, ohatra amin'ny resaka “déferrement”, ka maninona raha omena fitsarana ny Distrika tsy manana izany, hialana amin'izay fahasahiranana izay.

Tokony hojerena ireo mpanao politika te-hibaiko mpitsara. Tsy mety ny toy izany, fa lasa tsy hahaleotena ny fitsarana any amin'ny toerana sasany, ka mila ny fandraisanareo andraikitra amin'izany izahay.

Misy ihany koa tomponandraikitra ao amin'ny fitsarana manararaotra fahefana, tahaka ny miseho any amin'ny Distrikan'i Mahabo; asaina manao fangatahana amin'ny famerenana fiara ny Solombavambahoaka, kanefa lazain'ny tomponandraikitra, fa tsy mety hatrany izany. Miangavy ny hijerena izany fa mijaly ny tompon'io fiara io.

Maro ny olona tsy mbola manana kopia amin'izao, amin'ny fotoana manao ahoana no tokony hanaovana “jugement supplétif”.

### **Ho an'Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana**

Isaorana amin'ny maha Filohan'ny CCO, na ny “Centre de Commandement Opérationnel” miady amin'ny valan'aretina “covid-19” anao; tsapa fa mandeha araka ny tokony ho izy ny asa, na sarotra aza ny fanatanterahana izany. Mankahery amin'ny ezaka ataon'ny mpiaramiasa aminao.

Inona no fepetra tokony horaisina momba ny “barrage sanitaire”, satria raha ny fahitana azy, tsy ampy fitaovana sy sakafo izy ireo. Fiaraha-miasa no tiana lazaina amin'izany, satria anisan'ny manampy azy ireo izahay Solombavambahoaka. Raha tsy misy ny enti-manana avy aminay, inona no tokony hataonareo sy ny Minisiteran'ny Fahasalamana.

Ahoana no tena fomba fizarana ny tambavy CVO, satria misy toerana ahitana “cas confirmé” kanefa tsy mbola nahazo an'io tambavy io izahay mba hiarovanay ny olonay.

Ahoana ny momba ny fotodrafitrasa any amin'ny Distrika. Maro no efa antitra tsy azo ampiasaina intsony. Mety ve ny hanorenana trano vaovao ho azy ireny. Tsy ampy ihany koa ny fitaovana hiasana, toy ny fiara ho an'ny Lehiben'ny Distrika, ny fitaovana ao amin'ny birao. Maninona raha ampiakarina ho 500 Tapitrisa Ariary ny volan'ny CLD amin'izay hitan'ny vahoaka ny zava-bita isaky ny Distrika.

Tokony hanao fanadihadiana ianareo amin'ny tsy fifankazahoana misy amin'ny Governora sy ny “Préfet” any amin'ny Faritra ahitana izany, satria hiteraka tsy fampandrosoana ny tranga ohatra izany.

Inona no antony tsy mbola ahazoana ny “subvention” ho an’ny Kaominina sy ny tambin-karaman’ny Sefom-pokontany hatramin’izao. Ho an’ny Sefom-pokontany, efa misy amambolana maro no tsy nisitraka izany.

Nahoana no tsy mihodina ny Kaominina Ambanivohitra raha mitaha amin’ny Kaominina Ambonivohitra amin’ny resaka vatsy tsinjo.

Inona no antony tsy mbola mampiverina ny “caution” tamin’ny fifidianana Ben’ny Tanàna hatramin’izao.

Nahoana raha asiana “affichage”-na “base des données” isaky ny Fokontany amin’ny fanomezana ireo fanampiana avy aminareo, tahaka ny vatsy tsinjo izany. Maro ny olona mitaraina, fa ny efa manana ihany no mahazo izany. Misy koa endrika kolikoly amin’ny fizarana ny fanomezana. Mila fanaraha-maso io toe-javatra io. Noho izany, aleo fidian’ny vahoaka ny olona hatao Sefom-pokontany.

Ahoana no tena fomba hampandehanana ny Birao Ifoton’ny Fananan-tany. Lasa mifangaro amin’ny Minisiteran’ny Fanajariana ny Tany raha ny fahitanay azy.

Aiza ho aiza ny fanampiana ny Distrika any amin’ny Faritra, tsy nahazo CVO, tsy nomena arotava. Ambanin-javatra ny fahatsapanay azy amin’izao fotoana izao kanefa ny valan’aretina mamely.

Inona no fepetra tokony horaisina amin’ireo mpiasanareo maka vola 100 000 Ariary amin’ny olona mivarotra omby amin’izao fahasahiranana iainana izao. Mila jerena io resaka bokin’omby io, fa miteraka kolikoly.

Amin’ny fanaovana asam-panjakana, ny vola lanin’ny “entrepreneur”, ny asa tsy vita, izy tsy hita hoe nankaiza. Avelan’ny Minisiteran’ny Atitany amin’izao ve ireo olona ireo sa henjehina araka ny lalàna.

Ahoana ny fanoloana ny Lehiben’ny Distrika efa misotro ronono. Misy olona efa azonay antoka tokony hasolo azy, ka mba jereo ny mikasika izay.

Mangataka ny hanetsehana ny OMC na ny “Organe Mixte de Conception”, fa lasa mirongatra ny tsy fandriampahalemana, indrindra amin’ny resaka fanombohan’ny fiotazana lavanila izao.

### **Ho an’Andriamatoa RAFANOMEZANTSOA, Minisitry ny Filaminam-bahoaka**

Maro ny olona mitaraina aminay amin’ny asan-jiolahy. Noho izany, mitaky ny hametrahana “Postes avancés” amin’ny toerana tokony hisy an’izany ny vahoaka.

Tokony hampiana koa ny isan’ny olonareo, fa lasa manao fangala-piery amin’ny jiolahy fotsiny amin’ny famonjena ny ain’ny olona.

Ampidiro any anelakelan-trano mihitsy ny Polisy, fa any no tena hitana ny asan-jiolahy.

Ny olona any koa no mahalala hoe ranona no jiolahy saingy tsy sahy miteny izy ireo raha tsy voaaro ny ainy. Izany hoe, mila fiaraha-miasa ny vahoaka sy ny mpitandrofilaminana. Tokony hisy koa fiaraha-miasa amin'ny Minisiteran'ny Angovo amin'ny fametrahana jiro amin'ireny elakelan-trano ireny.

Aiza ho aiza ny valin'ny fangatahana tamin'ny hananganana tranon'ny "Commissariat" nataonay izay tsy mbola manana izany. Tokony hanorenana trano koa ny Polisy miasa amin'ireny "Postes avancés" ireo.

Amin'ny toerana mpamokatra lavanila, tsapa amin'izao fotoana izao fa lasa "zone rouge" izy ireo. Ohatra amin'izany, ny Distrikan'i Mahanoro. Tsy amin'ireo toerana ireo ihany, fa maro ny toerana tsy mandry fahalemana eto amintsika. Tahaka izany, tao amin'ny Distrikan'i Bekily. Nanomboka ny voalohan'ny volana teo ka hatramin'izao, olona valo no maty noho ny asan-jiolahy. Tokony hidina any an-toerana ianareo hamongotra izany, fa mijaly ny vahoaka.

Nisy koa ny nangataka Polisy tanora satria ireo no afaka mifanandrina amin'ny jiolahy. Mitovy amin'izay ihany, izy ireo no afaka miandry ny "barrage sanitaire" miaraka amin'ny Zandary sy Miamamila, sady miaro ny mpitsabo amin'ireo toerana ireo no miady amin'ny tsy fandriampahalemana ihany koa.

Tsy ampy anefa ny fitaovana araka ny efa voalaza tany aloha. Mila izany ireo olona rehetra manao "barrage sanitaire" ireo.

Nahatratrarana basy maro tao Fianarantsoa. Aiza ho aiza ny valin'ny fanadihadiana momba izany, fa toa tsy heno intsony. Tahaka izany koa, nisy halatr'omby, tsy fantatra izay niafarany. Koa manentana anareo handray andraikitra amin'ireo zavatra ireo izahay.

Mangataka fiara ho an'ny "Commissaires", maro izy ireo no tsy manana izany. Vokany, tsy mandeha amin'ny tokony ho izy ny asa. Misy fahatarana amin'ny fanenjehana ireo jiolahy na misy aza fiaraha-miasa amin'ny Zandary, satria raha ny tsapa, samy tsy ampy fitaovana.

Mankasitraka ny ezaka ataonareo amin'ny ady atao amin'ny asan-jiolahy na misy koa aza ny ady atao amin'ity valan'aretina "coronavirus" ity. Aza mihemotra intsony, fa efa manomboka miverina ny fandriampahalemana.

### **Ho an'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola**

Misy ny fahamehana ara-pahasalamana amin'izao fotoana izao. Tsy tokony hanokana vola hanampiana ireo olona manao "barrage sanitaire" ve ny Minisitera, satria heno ny fitarainana amin'ny tsy fahampiana mahazo azy ireo.

Manolotra sosokevitra izahay amin'ny tokony hanomezana "allongement fiscal" ho an'ny "sociétés privées" satria sahirana tahaka ny sehatra rehetra izy ireo. Sarotra ho azy ny handoa hetra amin'izao zava-misy izao. Izany hoe, mila fanampiana koa io sehatra iray io.

Ahoana ny fanatanterahana ny tenin'ny Filohampirenena amin'ny fanemorana ny handoavana volan'ny Banky mpampindram-bola madinika na ny "micro finances", ny JIRAMA, ny hetra isan-karazany. Tokony hatao izany satria mbola hisy ny fifampiresahana.

Inona no tsy mbola mampidina ny vidin'ny solika eto amintsika kanefa amin'ny sehatra iraisam-pirenena, efa midina ny vidin'izany.

Aiza ny tatitra tokony hataonareo tamin'ny vola fanampiana azontsika avy tany ivelany. Raha ny fahenoanay azy, vola be izany kanefa tsy naharenesana feo mikasika izany ianareo.

Tsy nahazo fanampiana izahay na ariary aza. Aiza ny fijerena ny Distrika toa anay. Maninona raha foanana ny "confinement" mba ahazoan'ny olona miasa sy hahazoany vola hoentiny miaina.

Maro ny Kaominina mangataka ny hanohizana ny tetikasa nataon'ny CCPREAS. Azonareo omena valiny ve izany fangatahana izany.

Aiza ho aiza ny fijerena ireo mpiasan'ny AES na ny "Alimentation en Eau dans le Sud" efa misotro ronono. Tsy mbola nandray vola momba izany izy ireo ka mijaly. Mba jereo ny lafiny ara-tsosialy mikasika azy ireo. Ampitaina amin'ny Minisitry ny Rano koa izany fitarainana izany.

Aiza ho aiza ny fanamboarana ireo "Centres Fiscaux" nampanantenainareo; tahaka ny ao Soanierana-Ivongo. Maro ny biraon'ny "Trésor" sy ny "Impôt" mila fanarenana noho ny fahanterany sy ny faharatsiany. Efa misy Distrika manana tany tokony hanamboarana birao, koa maninona raha omena anay ny vola hanatanterahanay ny asa.

Ahoana ny fiaraha-miasa amin'ny fadintseranana. Maninona raha esorina ny Tale Jeneralin'ny Faditseranana, fa miavona loatra izy rehefa misy zavatra anatonana azy.

Manao ahoana ny olan'ny OTIV sy ny TIAVO izay tsy mbola voavaha hatramin'izao ho an'ireo olona nanam-bola tao. Mba mila jerena ny momba izany fa mijaly ireo olona ireo, misy aza ny efa maty kanefa ny volany tsy azo akory.

Mikasika ny fanamboarana ny RN18; 1 Miliara Ariary no tetibola hanamboarana azy. Mangataka ny hampiakarana izany ho 1,5 Miliara Ariary izahay mba hahatomombana ny asa.

### **Ho an'Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy**

Amin'izao toejava-misy ankehitriny izao, tsapa fa miharatsy ny lalana eto amintsika. Tokony hojerena manokana ny fanarenana azy ireo. Tsy eto andrenivohitra ihany, fa any amin'ny Distrika maro.

Mikasika ny RN27, maninona raha "traitement des points noirs" no atao, raha tsy ho vita tanteraka io lalana io.

Misaotra amin'ny fanamboarana ny RN44, fa manala ny fahasahiranan'ny vahoaka izany raha vita.

Ahoana ny fanamboarana ny RN41, fa tsy hita ao anaty PGE ny filazana mikasika izany.

Momba ny lalana Mahanoro-Marolambo, maro ny mpitondra nilaza fa hamboarina izany. Hatramin'izao tsy hitanay. Koa aleo ianareo mihitsy no milaza amin'ny vahoaka hoe: hatao io lalana io sa tsia.

Tsy heno intsony ny filazana ny hanamboarana ny lalana Andranofasika-Ambatoboeny hatao "goudron". Inona no antony. Mba mila jerena ny mikasika izany.

Ahoana ny fikarakarana ny sisin-dalana, ny fanapahana ny bozaka fa mampidi-doza ny fisian'izy ireny.

Mangataka ny hanamboarana ny lalana RN6 Ambanja-Antsiranana, ny RN42, ny RN14.

Amboary ny RIP18 satria maro ny tetezana tapaka amin'izany lalana izany, enina andro no anaovana an'i Faradofay-Antananarivo rehefa mandalo amin'io lalana io.

Momba ny RN35, efa nisy vola nomen'ny BAD, aiza ho aiza ny fandehan'izany no tsy nisy tohiny intsony.

Ny lalana RN3, potika tanteraka; sorohina fotsiny io lalan-tany io dia azo ampiasaina mba hialana amin'ny fahasahiranana mahazo ny mpampiasa izany.

Marovoay, efa tonga any ny "engin" hanamboarana ny lalana, koa maneho fisaorana ny Filohampirenena, ny Praiminisitra ary ny Minisitra izahay amin'izany.

Ahoana ny fanamboarana ny kianja araka ny "Promesse Présidentielle" amin'ny toerana tokony hanaovana izany.

Mila fanarenana ny RN13, RN10 satria mijaly ny vahoaka. Torak'izany ny RN7 sy RN25, efa miharatsy ka tokony hokarakarina.

Atombohy ny fanamboarana ny RN5, RNT19 ary ny RNT46 satria fampanantenana natao izany.

Miangavy ny fanamboarana ny RIP72 satria mampitohy Kaominina sivy io lalana io. Sahirana ny vahoaka raha tsy vita izany.

Ahoana ny momba ny RNT12A fa tsy hita ny niafarany.

Ny RNT18, RN11: efa novatsiana vola raha ny PGE no jerena, ahoana ny fanamboarana azy ireo.

Tafiditra tao amin'ny PGE ny hanamboarana ny lalana Katsepy-Besalampy. Ho vita amin'ity taona ity ve izany sa tsia.

Aiza ho aiza ny fanaovana ny lalana Ifanoria-Vohipeno; tokony hamboarina izany fa efa ela no nagatahana azy.

Miangavy ny hanamboarana ny lalana mirefy 21km hiditra ao Farafaranga, satria ratsy loatra io ampahan-dalana io.



Ahoana ny fanamboarana tetezana. Ampio ny anjaranay ao amin'ny CLD hanamboaranay ny tetezana. Ny tetezana ao Anjilanjila koa mila amboarina fa tena simba tanteraka. Mangataka ny fanomezanareo fitaovana lehibe fanamboaran-dalana, fa izahay no hiantoka ny solika. Efa fanomezan-tàna izay atolotray anareo izay.

Mangataka ny hanamboarana ny lalana 2,3km ao amin'ny Kaominin'Andapa renivohitra; na hatao "pavé" aza tsy maninona, rehefa misy azonay ampiasaina dia efa mety aminay.

Ahoana no fomba atao mba hahazoana "titre" faobe amin'ny fananan-tany.

Jereo ireo olona mivarotra ny tanin'ny Minisitery ao Ambatomirahavavy manaraka iny RN1 iny. Mampandre anareo izahay fa misy an'izany zavatra izany miseho ao an-toerana.

Tokony hisy lalana maromaro hamboarina amin'ny LFI 2021 ary hatao "goudron" izany raha azo atao.

Tokony homena sampandraharaha momba ny "Topo" ao Ikongo, fa manjaka ny ady tany.

Ahoana ny fanorenana tanàna vaovao. Alefaso ny "projet", fa izany no andrasan'ny vahoaka.

#### **Ho an'Andriamatoa AHMAD Ahmad, Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka**

Maro ny Solombavambahoaka nangataka ny hahazoan'ny Disitrikany dokotera mpandidy. Sahirana ny marary ary mety ho faty mihitsy satria tsy maintsy entina amin'ny tobim-pahasalamana lehibe misy fandidiana.

Tahaka izany koa ny fangatahana "Médecin Chef". Ny Distrika sasany, manana "Médecins Inspecteurs" roa, ka iza amin'ireo no tena izy.

Omeo "bloc opératoire" koa ny toerana tsy manana izany, hialana amin'ny "évacuation sanitaire", araka ny voalaza teo ambony. Torak'izany ny fanaovana "radio" satria zavatra tokony ho vita any an-toerana no andaniana vola mankany amin'ny Distrika hafa manana izany.

Maro ny nangataka ny fitaovana fanaovana "scanner", fa mijaly mihitsy ny Distrika tsy ahitana izany. Lany vola be miakatra eto andrenivohitra raha ilaina ny fanaovana an'io kanefa ny fiainana efa iaraha-mahalala.

Fisaorana no atolotra amin'ny fahavitan'ny hopitaly manarapenitra araka ny fampanantenana nataon'ny Filohampirenena. Tokony efa ho vonona koa ny mpitsabo hiasa amin'ireo hopitaly ireo. Izany hoe, mila manao fandraisana mpiasa vaovao sy dokotera ary miaraka amin'ny fampitaovana izany ianareo ao amin'ny Minisitery.

Ahoana ny fanamboarana ireo trano fitsaboana, toy ny CSB sy ny "Centre Hospitalier". Mila amboarina ireo mba handraisana ny marary satria sahirana ny olona. Fanampin'izay, tsy tokony handoavam-bola ny fitsaboana araka ny voalaza, fa sahirana ny olona amin'izao fotoana izao.

Mila jerena ny fomba fandraisana olona ao amin'ny "urgence" HJRA. Izay tsy manam-bola dia mety hiafara amin'ny fahafatesana rehefa mamonjy an'io hopitaly io. Mitaky izahay Solombavambahoaka mba tsy handoavam-bola ny "premier soin"; aina no vonjena, fa tsy vola no tokony hahamaika ny mpitsabo.

Mangataka ny hahazoana "ambulance" ny ankamaroan'ny Distrika, satria ny Solombavambahoaka indray no lasa mamoka vola amin'ny fitaterana ny marary mila fitsaboana maika. Tsy haharaka izany izahay raha mitohy io zava-misy io.

Ahoana ny fandefasana ny "test" atao eto Antananarivo, tsapa fa miteraka olana izany. Maninona raha ametrahana toerana fanaovana izany any Toamasina. Tokony halefa any ireo fiara manarapenitra misy fitaovam-pitsaboana eto andrenivohitra ireo.

Inona no antony tsy anaovana "test massif" amin'ity valan'aretina "Covid-19" ity. Ataovy isaky ny Fokontany ny TDR na ny "Test de Diagnostic Rapide". Amin'izay malaky azo ny valin'izany sady fantatra avy hatrany ny olona mitondra ny tsimok'aretina "coronavirus".

Tsy tokony ny ady amin'ny "conoravirus" ihany no atao, fa mamely mafy koa ny tazomoka izay marihana fa mahafaty olona maro tokoa, toy ny tany Betroka, Ankazoabo, Befotaka; any amin'ny Faritra Andrefana sy Avaratra-Andrefana; maro koa ny Distrika ahitana azy io.

Mangataka an'ny Minisitera mba handefa olona hitsabo izany sady ilaina ny fanafody entina hiadiana aminy.

Marihana fa maro ny Distrika ahitana ity tazomoka ity eto amintsika amin'izao fisian'ny valan'aretina "coronavirus" izao. Izany no antony anamafisana, fa manjaka tokoa ny tazomoka ankehitriny.

Mahatsapa izahay, fa tsy mety loatra ny fomba fizarana sy fanaparitahana ny tambavy CVO any amin'ny Distrika. Niangavy ny handaminana ny fanomezana izany ny ankamaroan'ny Solombavambahoaka.

Mikasika ny "coronavirus" hatrany, misy "cas positif" hita tao Mahajanga, hoy Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao. Tsy nahitana izany tany aminay nandritra ny fotoana nisian'ny valan'aretina. Koa tokony hajanona ny fanaovana "mission" amin'ny asa satria olona nanao izany no nahitana io tranga io. Jereo aloha ny toe-pahasalaman'ny olona vao alefa izy raha tena tsy azo anoharana.

Mila jerena manokana ny Faritra Atsinanana, indrindra ao Toamasina, amin'ny fihanak'ity valan'aretina "coronavirus" ity satria raha ny tsapa, ao Fianarantsoa efa mihatsara amintsika miteny izao.

Omeo fampirihana (motivation) ireo olona miatrika mivantana ny ady atao amin'ity valan'aretina ity, toy ny mpitsabo, ny mpitandro filaminana sy ny olona izay tafiditra ao anatin'izany.

Omeo fitaovana koa ny mpanao "barrage sanitaire", fa tsy ampy raha ny fahitana azy araka ny fitarainana nataon'ny maro teo.

Inona no antony tsy andraisana ireo “bénévolat” efa manana traikefa amin’ny fahasalamana, hanampy ny dokotera izay tsy ampy isa hatramin’izao. Mba hampiakatra ny kalitaon’ny fitsaboana any amin’ny toerana lavitra no anton’izany.

Mila fehezina ny fivezivezen’ny olona mandeha tongotra satria taloha nisy Distrika tsy nahiana tamin’izany no lasa nahitana tranga amin’ity “coronavirus” ity. Ohatra amin’izany, any Andilamena sy Ambatondrazaka.

Midera ny ezaka ataonareo, tsy ny ady amin’ny “coronavirus” ihany, fa eo koa ny ady atao amin’ny tazomoka izay tsy niandrasanareo ela raha vao naheno ny fisian’izany, fa nandray andraikitra tamin’ny fandefasana fanafody sy dokotera.

Mitaky ny hanamafisana ny “barrage sanitaire”, fa maro ny olona no mahita lalana hafa ahafahany miala an’io. Mitombo ny fivezivezen’ny olona, ka maro ny Distrika lasa vavahady idiran’ny valan’aretina “coronavirus”. Ohatra, ny olona avy any Toamasina, tonga any Tsiroanomandidy ka mitondra ny valan’aretina. Noho izany, omeo EPI na “Equipement de Protection Individuelle” ny olona manao “barrage”, indrindra ireo mpitsabo miatrika mivantana ny olona mitondra ny tsimok’aretina.

Ahoana no fomba iarovana ny mpianatra amin’ny fiparitahan’ity “coronavirus” ity. Hazavao ny fomba fanomezana azy ireo ny CVO mba hialan’ny ahiahin’ny Ray aman-dReny.

Manamafy izahay, fa tsy misy olona mifamoivoy ao amin’ny “Canal de Pangalane”. Raha manahy ny fisian’izany ianareo, mangataka “vedette rapide” hanao ny fanaraha-maso satria lava tokoa raha iny “canal” iny.

Inona no “plan d’urgence” ataon’ny Governemanta amin’izao zava-misy manoloana ny valan’aretina “coronavirus” izao. Tokony hahenika ny Distrika 119 izany ary hatao laharam-pahamehana ny lafiny ara-tsosialy.

### **Ho an’Andriamatoa RANARIVELO Lucien Fanomezantsoa, Minisitry ny Fiompiana, ny Fambolena ary ny Jono**

Mangataka ny hanaovana ny orinasa fanodinana ny “artemisia” ao Ambositra satria ny Faritra Amoron’i Mania no tena mamokatra izany be indrindra eto amintsika.

Maneho fisaorana tamin’ny fahavitan’ny fotodrafitrasa, toy ny “barrage” satria nitombo ny vokatra azo, indrindra ny voka-bary.

Maro ny Solombavambahoaka nangataka masomboly, indrindra ny masomboly vary “hybride” satria tena anisan’ny nampiakatra ny voka-bary tany amin’ny Distrika maro izany. Tao koa ny fangatahana masomboly hafa toy ny tongolo sy ny hasy.

Mila jerena ireo lemaka mpamokatra vary, fa tratran’ny tondra-drano rehefa fahavaratra. Simba ny vokatra ka lasa tsy ampy ny famatsiana izany sady mijaly koa ny mpamboly. Mangataka fanamboarana “barrage” noho izany antony izany. Raha mihena ny vokatra, tsy ny “coronavirus” indray no hahafaty, fa ny hanoanana.

Mangataka ny hanarenana ny orinasa FIFAMANOR. Potika izany amin'izao fotoana izao kanefa tena nilain'ny tantsaha izany tamin'ny fampandrosoana ny fambolena, indrindra ao amin'ny Faritra Vakinankaratra.

Mangataka ny Minisitery mba hijery ny lemaka ao Ambondromisotra, fa anisan'ny sompitra ho an'ny Faritra Amoron'i Mania ny fahavitan'ny "barrage" amin'io lemaka io.

Mitaky ny hanomezana tombony ny teratany malagasy amin'ny fanondranana drakaka (crabe), fa tsy ny Sinoa ihany no hahazo vahana amin'izany. Mitaky ny fampikarana ny vidin'izany koa satria manjaka tokana ny Sinoa amin'ny fividianana izany amin'ny mpanjono.

Mangataka "vedette" mirefy enina metatra avy amin'ny Minisitery ny mpanjono madinika ao Mahajanga ary izy ireo ihany no hiantoka ny solika hampandehanana sy ny vola hikarakarana azy, mba hanaovana vonjy aina raha sendra misy loza.

Tokony hiara-hiasa amin'ny mpitandrofilaminana ny Minisitery, fa mifamono ny olona amin'ny resaka lavanila. Tokony homena fitaovana ny mpamboly hiarovany ny famboleny manoloana ny mpangalatra.

Inona no antony tsy anaovana "concertation" amin'ny resaka lavanila mba hahitana vokatsoa amin'ny fambolena azy io, toy ny fampikarana ny vidiny araka ny tenin'ny Filohampirenena.

Misaotra ny Minisitery tamin'ny fikarakarana masomboly tamin'ny fambolena lavanila, fa niakatra 1,9 ny "taux de production de la vanille" tamin'ity taom-pambolena ity.

Momba ny jono, maninona raha averina ny "pêcherie", fa maro ny tombotsoa azon'ny mpanjono madinika tamin'izany.

Maninona no tsy mandray "vétérinaire" ho mpiasam-panjakana ianareo, fa mijaly ny mpiompy rehefa sendra aretina ny biby fiompy, indrindra ny omby. Tokony hojerena ny fandraisana azy ireo, fa maro ny toerana mila izany.

Amin'ny ankapobeny, fangatahana fotodrafitrasa, toy ny "barrage" sy masomboly no tena nataon'ny Solombavambahoaka tamin'ity Minisitery ity.

**Ho an-dRamatoa ANDRIAMANANA Rijaso Josoa Ihasisambatra, Minisitry ny Fanabeazam-pirenena, ny Fampianarana Teknika sy ny Fampiofanana Arak'asa**

Fisaorana ny Minisitery no nataon'ny Solombavambahoaka maromaro noho ny fandraisana mpampianatra FRAM ho mpiasam-panjakana. Fankasitrahana ary firariana ny tokony hitohizan'izany mba hampiakatra ny kalitaon'ny fampianarana no nataon'ny Solombavambahoaka. Fisaorana ihany koa no natolotra tamin'ny fahazoan'ny mpampianatra fanampiana vatsy tsinjo.

Ahoana ny fandehan'ny "calendrier scolaire" amin'ity taona ity mba ahafahana mandray fepetra mifanaraka amin'izany. Ahoana ny fampiharana ny PSE na ny "Plan Sectoriel de l'Education" izay nolazaina hatramin'izay.

Tokony hojeren'ny Minisitery akaiky ny fikarakarana ny fotodrafitrasa, tahaka ny sekoly (EPP, CEG, Lycée) fa tena maro no efa antitra, ka atahorana ny ain'ny mpianatra.

Mitovy amin'izay ihany, ratsy ny biraon'ny CISCO, misy aza tsy azo iasana intsony. Mangataka fanorenana fotodrafitrasa vaovao sy fiara ho azy ireo izahay.

Maro tamin'ny Solombavambahoaka koa no nangataka dabilio, fa betsaka ny mpianatra no mipetraka amin'ny tany.

Angatahana mba hatao manarapenitra ny sekoly hamboarina araka ny tenin'ny Filohampirenena.

Inona no fepetra ahazoana fanamboarana sekoly satria ny "Zone I" anorenana izany, fa ny "Zone II" sy ny "Zone III" tsy misy akory. Tokony hitovy ny zanaky ny Malagasy amin'ny fanomezana fahalalana azy ireo raha ny marina.

Aiza ho aiza ny fanamboarana ireo "Centre de Formation Professionnelle" nampanantenaina anay. Miandry an'izany izahay nomena fampanantenana mba hianaran'ny ankizy.

Mangataka ny hanomezana "Lycée technique" ihany koa satria maro ny Distrika mila izany.

Tokony hitovy ny fomba fandraisana ny mpampianatra FRAM eran'i Madagasikara ho mpiasam-panjakana, fa maro ny Distrika tsy nahitana izany afa-tsy valo monja. Mitaraina izy ireo satria olona efa niasa naharitra tamin'ny fampianarana ny zanantsika. Mbola misy eo amin'ny 4000 eo no tsy mbola voaray. Maninona raha atao isaky ny CISCO ny "quota" handraisana azy ireo ho mpiasam-panjakana. Ny sasany amin'izy ireo aza misy efa ho 10 volana tsy nahazo "subvention" mihitsy.

Jereo akaiky ny karaman'izy ireo, fa maro no tsy mbola nahazo an'izay. Noho izany, mila fanampiana tahaka ny sehatra hafa koa izy ireo satria na ny zanany aza tsy mianatra intsony.

Ahoana ny momba ireo mpampianatra tsy miankina. Efa ho roa volana izy ireo no tsy nandray karama. Inona no vahaolana tokony hojerena manoloana izany.

### **Ho an-dRamatoa ASSOUAKOU Elia Béatrice, Minisitry ny Fampianarana Ambaratonga Ambony sy ny Fikarohana Siantifika**

Fisaorana ny Minisitry no natolotry ny Solombavambahoaka voafidy tao Soavinandriana, fa efa ho vita ny "Université" any an-toerana.

Tokony hojerena ny tranon'ny mpianatra eny amin'ny "Université", fa efa miharatsy ny ankabeazany.

Ahoana no fomba hanomezana fanampiana ireo mpianatra ireo amin'izao fotoana izao.

Misy Distrika koa efa nahatsangana "Université", fa ny mpampianatra no tsy misy. Mba tsy hifindrana toerana, omeo mpampianatra izahay.

Ahoana ny momba ny "maintien" ho an'ny mpampianatra eny amin'ny "Université" satria tsapa ho misy olana izany.

Isaorana ny Minisitry, fa mandeha tsara ny fanomezana ny "bourse" sy ny fanampiana ny mpianatra hatramin'izao.

Efa nanaiky ny hanamboatra “Université” manarapenitra any Antalaha ny Sinoa. Mitentina “56 Millions de Dollars” no teti-bidiny. Inona no hataonay manoloana izany. Marihana fa mahazaka mpianatra eo amin’ny 15 000 izany rehefa vita.

**Ho an’Andriamatoa RAMAROLAHY Christian, Minisitry ny Angovo sy ny Akoran’afao**

Inona no tsy amahana ny olan’ny “éclairage public”, fa mirongatra ny tsy fandriampahalemana amin’ny renivohitry ny Distrika sy ny tanàn-dehibe maro eto amintsika. Raha eto Antananarivo manokana, avereno ny fametrahana “ampoule”, fa ny hazavana no anisan’ny miady amin’ny asan-jiolahy.

Inona no tsy anokafana an’Ivolobe any Toamasina, fa afaka manome herin’aratra ho an’ny Distrika maromaro io raha izay no atao sady tsy hijaly amin’ny famatsiana an’izany intsony ny vahoaka.

Aiza ho aiza ny mikasika ireo Distrika homena jiro voasoratra tao anaty PGE; toa tsy hita aloha ny momba izany hatreto.

Inona no vahaolana amin’ny fahatapahan’ny jiro matetika misy amin’ny Distrika maro eto amintsika. Simba ny fananan’ny olona sy ny entana. Izany no fitarainana avy amin’ny vahoaka. Mila jerena ny vahaolana momba izany.

Ho an’ny Distrika hafa indray, nitondra fisaorana ireo Solombavambahoaka noho ny fahazoany jiro saingy ny vidiny no lafo. Izay no mampitaraina ny olona. Inona no antony tsy mampitovy ny vidin’ny jiro eto amintsika. Misy lafo kokoa raha mitaha amin’ny toerana hafa.

Nitaky ny hampandehanana ny jiro 24 ora amin’ny 24 ora kosa ny Solombavambahoaka sasany mba ahafahan’ny olona manao ny asa fivelomany izay miankina amin’izany.

Tokony tsy hajanona ny fanamboarana fotodrafitrasa mikasika ny angovo, fa hotohizana hatrany mba hisian’ny fampandrosoana eto amintsika.

Mba mila fanazavana amin’ny fomba fitrandrahana ao Vohilava any Mananjary.

Asio jiro mandeha amin’ny “panneaux solaires” ny Distrika azo anaovana izany, toy ny any Taolagnaro.

Aiza ho aiza ny famatsiana solika ny Distrika rehetra. Tokony hitovy koa ny fanomezana “éclairage public” ho an’ny Disitrika, amin’izay mitovy ny fandrosoana misy eto Madagasikara.

Inona no antony tsy mampidina ny vidin’ny solika eto amintsika kanefa raha ny vidiny amin’ny tsena iraisam-pirenena, efa ela no nidinan’izany. Apetraka aminareo izany na efa voateny tamin’ny Minisitry ny Toekarena aza.

Tsy tokony mbola handoa volan’ny JIRAMA ny olona, araka ny tenin’ny Filohampirenena kanefa hita hatrany ny filaharana manefa izany vola izany. Aza ampandoavina vola aloha ny olona maka rano amin’ireny paompy iombonana ireny, fa anisan’ny mampihena ny fahasahiranany ny tsy fandoavam-bola.

Aparitaho any amin'ny Distrika ny angovo azo havaozina mba hisian'ny fampandrosoana, toy ny fananana jiro. Ahoana ny fanatontosana ny tetikasa ho an'ireo Kaominina tsy mbola misy jiro hatramin'izao.

**Ho an'Andriamatoa RAVOKATRA Fidiniavo, Minisitry ny Harena Ankibon'ny Tany sy ny Harena Stratejika**

Nahoana no tsy mbola voavaha ny olan'ny mpiasan'ny KRAOMA hatramin'izao fotoana izao.

Rahoviana no hametrahana ny biraon'ny BCMM ao Ihosy satria anisan'ny Faritra ahitana safira iny toerana iny.

Mikasika ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany ataon'ny Sinoa eto amintsika, tokony havoakany ny "permis minier" any aminy raha milaza fa ara-dalàna amin'ny zavatra ataony izy.

Raha i Sakaraha manokana no jerena, efa 21 taona izay no nisian'ny fitrandrahana safira tany an-toerana kanefa na Biraom-pokontany iray aza tsy vitan'ireo mpandraharaha. Inona no fepetra tokony horaisina mba hisian'ny fampandrosoana hipaka amin'ny fiainan'ny vahoaka any ifotony.

**Ho an'Andriamatoa RANDRIAMANDRANTO Joel, Minisitry ny Fitaterana, ny Fizahantany sy ny Famantarana ny Toetr'andro**

Mangataka ny hanokafana ny lalamby TCE hitaonana ny entana sy ny vokatra ary ny zavatra hafa ilaina, toy ny solika; fa ny RN2 kosa hatokana hampiasain'ny fiara madinika.

Ahoana ny fampiasana ny lalamby FCE; ilàna fanaraha-maso ny momba izany. Jereo ireo mpiasa tao efa lasa nisotro ronono, fa hatramin'izao tsy mbola nandray vola foana.

Ahoana ny fijerena ny fanomezana fanampiana ireo fiara mpitatitra olona amin'ny zotra rezionaly, fa mijaly ny tompon'ny fiara sy ny mpamily. Tahaka ny sehatra rehetra ihany, noho ny zava-misy amin'izao fotoana izao. Mijaly koa ny mpandeha satria tafakatra 60 000 Ariary ny saran-dalana mandeha any amin'ny toerana akaiky, toy ny miala eto Antananarivo mankany Antsirabe.

Tokony hosaziana ireo olona nomena andraikitra kanefa tsy manara-maso ny fitaterana satria anisan'ny endrika iray mety hampihanaka ny valan'aretina "coronavirus" ity sehatry ny fitaterana ity.

Tokony hampiana ny olona any amin'ny Faritra Analanjirofo amin'ny fandaminana ny fampiasana "bac" satria miteraka olona eo amin'ny mpiasa sy ny mpandeha ny fampiasana azy io.

Nisy ireo Solombavambahoaka nisaotra tamin'ny valin'ny fangatahana nataony tany amin'ny Minisitery noho ny fampanantenana azony. Nomarihan'izy ireo koa, fa mety miandry ny Filankevitry ny Governemanta ny fanatanterahana izany. Ny fanekena ny fangatahana no zava-dehibe hoy izy ireo.

Iza no miandraikitra ny fanamboarana ny RN2 sy ny RN5; ianareo ve sa ny Minisiteran'ny Asa Vaventy.

**Ho an-dRamatoa RAKOTOVELOMANANTSOA Voahary, Ministry ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana**

Ahoana no fomba anomezana rano fisotro madio ny olona, fa raha ny fijery azy, miharatsy ny kalitao amin'izao fotoana izao. Misy fotoana aza, tapaka lava ny rano ka sahirana ny olona amin'ny fidiovana sy ny fampiasana izany ao an-tokantrano.

Nisy ireo Solombavambahoaka nisaotra noho ny fiverenan'ny fandehanan'ny rano any amin'izy ireo, tahaka ny eny Itaosy. Nisaotra noho ny fandrosoan'ny "forage" atao any Bekily ny Solombavambahoaka voafidy tany an-toerana.

Momba ny famatsiana rano madio eto andrenivohitra, amin'ny 3 ora maraina dia efa mifoha ny olona milahatra rano. Miangavy ny hanomezana izany tsy tapaka ny Distrikan'Antananarivo faha-VI.

Mikasika ny fitantanana ny paompy iraisana any amin'ny Distrika, matetika tapaka ny rano, mijaly ny olona. Misy milaza fa lanin'ny mpitantana ny vola. Tokony hosaziana ny olona manao toy izany sady mampahafantatra anareo tomponandraikitra ihany koa.

Ahoana ny tetikasa famatsiana rano fisotro madio ho an'ny Distrika lavitra. Aiza ho aiza ny fanatontosana izany. Omeo "borne fontaine" izahay raha tsy ho voavatsy ny tanàna iray manontolo.

Tao ny Solombavambahoaka nanambara, fa mangataka ny hanaovana "forage" satria manana rano izy ireo, ny hisintonana ny rano no olona.

Nisy fampanantenana ny hanomezana rano ho an'ny Toby ao Ankaramalaza any Manakara. Aiza ho aiza ny momba izay zavatra izay.

Tahaka ireo Distrika izay tsy mbola nahazo rano fisotro madio, toy ny any Ambatomainty, rano maloto no sotroin'ny olona; koa mangataka vahaolana mba hialana amin'ny aretina mety hiseho vokatr'izany.

Ho an'ny Solombavambahoaka sasany, nangataka "moteur" mba hampiakarana ny rano hamatsiana ny tanàna tokony hanaovana izany. Ohatra, ny ao Ambatondrazaka.

Inona no vahaolana fa misy olona iray mibodo ny rano tokony hiompiana trondro sy hampiasain'ny olona amin'ny filàna hafa. Mila jerena akaiky io toe-javatra io.

Tamin'ny ankapobeny, fangatahana rano fisotro madio no nangatahan'ny Solombavambahoaka ho an'ny Distrika nahavoafidy azy ireo.



**Ho an-dRamatoa RANAMPY Gisèle, Minisitry ny Asa, ny Fananan'Asa ary ny Fitantanandraharaham-panjakana sy ny ny Lalàna Sosialy**

Ahoana ny momba ireo mpiasa ao amin'ny SIFOR. Tsy mandray karama izy ireo hatramin'izao kanefa olona iray no misakana izany. Itadiavo vahaolana izany, fa mijaly ireo olona ireo.

Amin'ny fijerena ny zon'ny mpiasa, nanambara ny Solombavambahoaka, fa vonona ny hifanome tànana amin'ny Minisitery amin'izao toe-java-misy izao.

**Ho an'Andriamatoa ANDRIAMANOHSOA Ramaherijaona, Minisitry ny Paositra sy ny Fifandrasian-davitra ary ny Fampivoarana ny Haitao Ara-kajy Mirindra**

Fisaorana ny Minisitery amin'ny fiaraha-miasa amin'izao zava-misy eto amin'ny firenena izao tamin'ny fanamorana ny fanomezana fanampiana avy tamin'ny Governemanta no nataon'ny Solombavambahoaka tamin'ny ankapobeny. Nahatsara ny fitantanandraharaha ny fampiasana ny teknolojia vaovao, toy ny "Paositra Money". Nampihena ny fahasahiranana'ny vahoaka tokoa ny fampiharana izany.

Mangataka ny hametrahana "pylône" amin'ny toerana maro ny Solombavambahoaka, fa ratsy ny "réseau" momba ny fifandraisana amin'ny finday.

Tao ireo Solombavambahoaka nangataka ny hanohizan'ny Minisitery ny tetikasa saika hatao any amin'ny Distrika nahavoafidy azy ireo.

**Ho an-dRamatoa ANDRIATONGARIVO RAKOTONDRAZAFY Lalatiana, Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina**

Tokony hojerena ny fampitam-baovao fa te-hahazo vaovao marina mikasika ity valan'aretina "coronavirus" ity ny vahoaka.

Mila ahitsy koa ny filazana ny vaovao sy ny fomba fiasa amin'ny fitenenana ny isan'ny maty amin'ity valan'aretina ity. Firy izany teto Antananarivo. Tany Toamasina, tsy roa izany no isan'ny maty, fa aleo manao fanadihadiana vao mamoka vaovao ianareo raha azo atao.

Maninona no tsy andraisana fepetra ireo olonareo manao zavatra tsy mety any amin'ny toerana misy anay.

Nisy ireo Solombavambahoaka nanolotra fisaorana tamin'ny fandehanan'ny TVM any amin'ny Distrika misy azy.

Maro koa ny nisaotra ny Minisitery tamin'ny fahazoana "émetteur". Aza omena Distrika hafa intsony, hoy izy ireo ny anjaranay, fa halainay rehefa miverina any aminay izahay.

Nisaotra tamin'ny fanomezana "connexion" ho an'ny mpianatra eny Ankatso ny Solombavambahoaka RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera, satria ilain'ny mpianatra izany amin'izao fihibohana izao.

Maro ny fangatahana “émetteur” nataon’ny Solombavambahoaka tamin’ny Minisitery satria tsy mahazo tsara ny RNM sy ny TVM any amin’ny Distrika lavitra izay misy azy ireo. Nisy koa ny nangataka “stabilisateur” noho ny tsy fananana izany.

Inona no antony nanaovana fototra teny anaty Rova. Azonareo azavaina ve ny anton’izany. Mbola nisy koa ny fanamboarana ny Kianja Masoandro. Itondrao fanazavana ny mikasika ireo zavatra ireo fa te-hahalala vaovao ny olona.

**Ho an-dRamatoa RAHARINIRINA Baomiavotse Vahinala, Minisitry ny Tontolo Iainana sy ny Fampanandroana Lovain-jafy**

Ahoana ny momba ireo olona mitrandraka ala amin’izao fotoana izao. Manararaotra ny fisian’ny “coronavirus” ve satria ny olona mihiboka. Mila jerena izany, fa ho ripaka ny ala raha izao no mitohy.

Omeo vahaolana ny mpandrafitra amin’ny tokony hampiasany ny “bois ordinaire”. Matahotra izy ireo rehefa mitady hazo sao manapaka karazan-kazo arovana ka mety higadra.

Misaotra ny Minisitery, fa hahaleotena amin’ny fitantanana ny ala sy ny zavaboahary ao anatin’ny ireo vondron’olona ifotony.

Ahoana no fomba itantanana ny “aire protégée”. Saika miteraka olona ho an’ny vahoaka miaina ao anatin’ny fitrandrahana satria tsy fantany hoe hatraiza no faritra azony anaovana izany. Misy mpanenjika ny olona mipetraka amin’ireo toerana ireo. Misy aza migadra mihitsy kanefa tsy nohazavaina taminy ny zavatra nataony. Tokony hampianarina ny olona vao ampiharina aminy ny lalàna, fa tsy mety ny tahaka izany.

Mitaraina ny olona amin’ny ataon’ny ANGAP satria efa ela no namboleny sy nonenany tao amin’ny faritra arovana kanefa taty aoriana, nesorina tao izy ireo. Avelao hijanona ao ireo olona ireo satria 40 taona tany aloha no nipetrany tao, tsy mbola nisy faritra arovana izany akory tamin’izany. Inona no vahaolana entin’ny Minisitery manoloana izany; ny olona no ambony izay vao zavatra hafa.

Ny Solombavambahoakan’Ampanihy dia nangataka ny hanaovana “aire protégée” ny ala any aminy satria atahorana raha mbola mitohy ny fitrandrahana ataon’ny olona amin’io ala io.

**Ho an-dRamatoa RAKOTOMALALA Lantosoa, Minisitry ny Indostria sy ny Varotra ary ny Asa-tàna**

Ahoana ny fomba ifehezana ny vidin’ny lavanila amin’izao fotoana izao. Matiantoka loatra ny mpamboly satria 20 000 Ariary no ividianan’ny olona azy kanefa amidiny 300 000 Ariary avy eo. Aleo mifandinika isika hijerena izany satria tsy mety amin’ny mpamboly ny fanambakana atao aminy. Manampy an’izay, maro koa ny mpangalatra ka misy ny tsy fandriampahalemana. Tsy misy tombotsoa azon’ny mpamboly mihitsy.

Mitovy amin’izay koa ny vidin’ny jirofo.

Tsara raha jerena koa ny mikasika ny “ouverture de saison de la vanille”. Sahirana ny olona mieritreritra hoe rahoviana ny an’ny faritra misy azy. Enjehina izy raha mioty mialoha na dorana ny vokatra. Izany hoe maro ny olona aterak’io fanokafana ny fiotazana io any amin’ny faritra. Tokony haroso mialoha ny fotoam-piotazana ary atao mitovitovy avokoa ny daty avoakanareo amin’izay mety ho voatazona ny vidin’ny lavanila amin’ny toerana rehetra mpamokatra izany.

Raha ny marina, tsy ny vidin’ny lavanila ihany no tokony hojerena, fa ny vidin’ny vokatra amin’ny ankapobeny mihitsy mba tsy hahafatiantoka ny tantsaha.

Tokony hatao matotra ny resaka vidin’ny lavanila amin’ny taona 2021 ary mitaky ny hampidirana ny olom-boafidy ao anatin’ny Komity misahana ny vidin’izany izahay.

Jereo koa ny resaka tsena satria matiantoka ny mpamboly araka ny voalaza teo aloha.

Ahoana ny momba ny vary mora, fa misy Distrika tsy misitraka izany hatramin’izao kanefa samy sahirana daholo ny olona noho ny fihibohana.

Ahoana ny fananganana orinasa mpanodina “huile essentielle” any amin’ny Faritra Atsimo Atsinanana, fa anisan’ny toerana mpamokatra ireo zavamaniry anaovana izany iny Faritra iny.

Ahoana ny mikasika ny orinasa SICOMA; tsy fantatra izay fandehany hatramin’izao. Tokony hojerena koa ny fanampiana ny olona misehatra amin’ny varotra sy asa-tànana amin’izao toe-java-misy izao, fa izahay no manao tsipaipaika amin’ny fanampiana azy ireo. Araka ny voalaza hoe tokony hifanome tànana isika.

Maninona no tsy omena ny fanjakana ny fitantanana ny “Chambre de Commerce” eto amintsika satria tsapa fa misy tsy fahombizana izany ankehitriny.

### **Ho an’Andriamatoa RAHAROARILALA Tinoka Roberto Michael, Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena**

Fisaorana ny Minisitery no natolotry ny Solombavambahoaka, fa mandeha ny fanamboarana fotodrafitrasa manarapenitra (kianja) ho an’ny Fanatanjahantena any amin’ny Distrika maro.

Tahaka izany koa, maro ny Solombavambahoaka nangataka ny hanomezana azy ireo izany fotodrafitrasa izany satria tsy hita tao anaty fandaharanasan’ny Minisitery ny Distrika misy azy ireo.

### **Ho an’Andriamatoa TEHINDRAZANARIVELO Djacoba, Minisitry ny Raharaham-bahiny**

Fisaorana tamin’ny fanambarana nataon’ny Minisitry momba ireo “îles éparses” no nataon’ny olom-boafidy amin’ny hamerenana ireo Nosy ireo amintsika. Tena manohana an’iny ny Solombavambahoaka, indrindra tamin’ny fampiantsoana ny masoivoho Frantsay miasa eto amintsika. Tohizo ny ezaka efa natao, fa raha ny marina Nosy Malagasy ireo, fa tsy an’i Frantsa izany.

Ahoana ny mikasika ireo olona mangataka hanana zom-pirenena Malagasy, fa maro no maniry hizaka izany. Ny zavatra tsapa, rehefa ny Malagasy no mangataka hizaka zom-pirenena hafa, sarotra ny fahazoana izany, kanefa raha ireo vahiny no mangataka zom-pirenena Malagasy, toa mifanohitra amin'izay.

Manao ahoana ny fampodiana ireo Malagasy tavela any ivelany amin'izao zava-misy maneran-tany izao. Tokony hojerena izany satria mijaly ireo olona ireo. Misy ny lany fetr'andro ahafahana mijanona any, ka atahorana sao gadrain'ireo firenena mampian-trano azy.

**Ho an'Andriamatoa RAVALOMANANA Richard, Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena miadidy ny Zandarimariam-pirenena**

Ho an'Amparafaravola, efa nampanantena ny hahazoana "Compagnie de Gendarmerie" ianareo. Vonona ny trano fa ny olona no tsy mbola tonga any. Jereo izay, fa manjaka ny tsy fandriampahalemana any an-toerana.

Fangatahana amin'ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena (SEG) sy ny Ministry ny Fiarovam-pirenena: andefaso Miaramila sy Zandary hampandry tany any Morafenobe fa tsy milamina ny tany.

Tsy ampy ny isan'ny zandary. Inona no tsy ampitomboana ny isan'ny mpianatra Zandary horaisina mba hiadiana amin'ny asan-dahalo.

Nitondra fanamarihana ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Lucien, amin'ny maha Filohan'ny Vaomiera miaro ny Zon'ny Parlemanta azy: lasa tsy tia Solombavambahoaka ny SEG. Tokony hofaritana ny atao hoe: "flagrant délit". Tsy voahaja ny "procédure" mikasika izany ary na ny Filohan'ny Antenimierampirenena aza toa tsy hajainy akory. Afaka manao "perquisition" ve ny Zandary tahaka ny natao tamin'ny Solombavambahoakan'i Manakara. Manamafy koa izahay, fa hanangana "Commission d'enquête" izahay amin'ity fotoampivoriana ity, mba hangataka ny fanarahana "procédure" satria mampalahelo ny zava-misy. Raha misy dahalo ato aminay, azo atao ny manala ny "immunité parlementaire" ananany ka ampiharano aminy ny lalàna.

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka nanontany momba ireo Zandary tsy mandray karama any Betroka. Mila jerena izany satria mamelona vady aman-janaka izy ireo.

Efa misy toerana homena ny Zandary any Belo sur Tsiribihina, ka rahoviana izany no hoavy any. Efa manomboka milamina ny tany any aminay fa misaotra. Manomboka matory an-trano ny olona amin'izao fotoana izao.

Mangataka "Poste avancé" ho an'ireo toerana tsy milamina satria mijaly ny vahoaka, tahaka ny any Mandoto. Ampitomboany koa ny isan'ny olona alefanareo hiaro ny vahoaka satria maro ny dahalo noho ny Zandary.

Mangataka anareo mpiandraikitra ny filaminana rehetra eto amin'ny firenena mba hamerina izany satria tsy mandry ny tany. Anisan'ny iangaviana amin'izany ny SEG.

Aiza ho aiza ny fametrahana ny toby ho an'ny Zandary ao Ampahitrosy, Distrikan'Atsimondrano, satria tsy milamina ny tany amintsika miteny izao.

Misy faritra somary efa milamina ihany. Isaorana anareo izany, saingy ampio ny isan'ny mpanao "barrage sanitaire" sy ny fitaovana entiny manao izany hiarovana ny fihanaky ny valan'aretina "coronavirus" eto amintsika.

Taorian'ny fametrahana fanontaniana sy fanamarihana ary sosokevitra nataon'ny Solombavambahoaka; nanambara, Ramatoa Filoha, fa tokony hamaly ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, kanefa raha ny tapaka tany amin'ny "Conférence des Présidents", mbola hiverina eto manomboka ny Alakamisy 28 Mey 2020 izy ireo hanao ny tatitry ny asa vitany araka ny volazan'ny Lalàmpanorenana.

Amin'izay fotoana izay no eritreretina hamaliany ireo fanontaniana napetraka tamin'izy ireo. Anisany handalo eto amin'izany Andriamatoa Praiminisitra.

Araka ny fandaharam-potoana efa lany dia milahatra ny fandraisam-pitenenana. Aorian'izay vao miteny ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera sy Andriamatoa Praiminisitra. Noho izany, tsy misy famaliana fanontaniana androany ary amin'izay fotoana izay, mety afaka manondro Minisitra hafa afaka hisolotena azy izy.

Nisy Solombavambahoaka vitsivitsy nitovy hevitra amin'ny tokony hahatongavan'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta rehetra na tsy dia fanao loatra aza ny fandravonana ny fanontaniana amin'ny fiafaran'ny fotoana sady nisafidy ny tsy hiteny koa izy ireo androany.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa amin'ny Talata 9 Jona 2020 no hifarana ny tatitra hataon'ny Governemanta, ka amin'izay no omena fitenenana ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera ary niangaviany mba ho tonga daholo ny mpikambana ao amin'ny Governemanta amin'izay fotoana izay.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa Praiminisitra.

Fisaorana ny rehetra no nataony mialoha ary nomarihany fa tao anatin'ny ora maro no niarahana teto. Nandray naoty tamin'ireo fanontaniana sy fanamarihana ary sosokevitra avy tamin'ny Solombavambahoaka izahay, hoy Andriamatoa Praiminisitra, mba hamaliana azy amin'ny fotoana voatondro teo.

Amin'ny anaran'ny Filohampirenena no isaorana noho ny fanehoana fankasitrahana nataonareo Solombavambahoaka amin'ny ezaka ataony hampivoarana ny firenena amin'izao fotoana izao.

Tombotsoa iombonana no jerena mba handrosoan'ny firenena. Hisy ny fotoana hitondrana fanazavana tamin'ireo teny nataonareo teo ary marihana fa mbola maro ny fampandrosoana hatao eto amin'ny firenentsika.

Hiverina eto izahay, hoy hatrany izy, amin'ny Alakamisy ho avy izao hamaly ny fanontaniana ary amin'ny Talata 9 Jona 2020 no hanaovana ny fandravonana izay rehetra voalaza teto.

Nisaotra an'Andriamatoa Praiminisitra, tamin'ny teny nataony, Ramatoa Filoha ary nampahatsiahy, fa amin'ny faha-27 sy faha-28 ary amin'ny faha-29 Mey 2020 no hatao eny Tsimbazaza ny asam-baomiera mikasika ny LFR na ny "Loi de Finances Rectificative 2020". Koa manentana ny Solombavambahoaka voakasik'izany, mba ho tonga amin'ireo fotoana ireo.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nanao fanamarihana niantefa tamin'ny Governemanta, Ramatoa Filoha, fa mbola misy Governora miisa valo tsy mbola voatendry amin'izao fotoana izao.

Amin'ny Alakamisy 28 Mey 2020 izao no hanomboka ny fanaovan'ny Governemanta ny tatitra momba ny asa vitany eto anatrehan'ny Antenimierampirenena; koa manentana ny Solombavambahoaka rehetra mba hanatrika izany.

Niato tamin'ny 11 ora sy 50 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona